# Mianiana aho amin'ilay mitazona ny fanahiko eo am-pelatànany, Ny vavaka ataoko no mitovy kokoa amin'ny vavakin'ny irak'Allah raha oharana amin'ny anareo, ary toy izany no vavaka nataony mandra-pialany teto an-tany

Tatitra azo avy tamin'i Abo horaira (R.A) niteny hoe : Izy dia nanao “Allaho Akbar” amin'ny vavaka tsy maintsy atao rehetra na amin'ny hafa, amin’ny Ramadany na amin'ny fotoana hafa, ka miteny “Allaho Akbar” izy rehefa mitsangana, avy eo dia miteny hoe “Allaho Akbar” rehefa miankohoka, avy eo miteny. : "Samiallaho liman hamidah, dia hoy izy : "Rabbanà Walakal-Hamdo", alohan'ny hiankohofany, avy eo izy miteny hoe: "Allaho Akbar" rehefa midina amin'ny fiankohofana ary reheha manainga ny lohany avy amin’ny fiankohofana, avy eo dia miteny hoe “Allaho Akbar” izy rehefa miankohoka, avy eo miteny hoe “Allaho Akbar” rehefa manandratra ny lohany avy amin’ny fiankohofana, avy eo miteny hoe “Allaho Akbar” rehefa mitsangana avy amin'ny fipetrahana teo amin'ny fiankohofarana roa, ary izany hatrany no ataony isaky ny rakaat mandra-pahavitany ny vavaka, avy eo dia miteny izy rehefa hiala manao hoe: Mianiana aho amin'ilay mitazona ny fanahiko eo am-pelatànany, Ny vavaka ataoko no mitovy kokoa amin'ny vavakin'ny irak'Allah raha oharana amin'ny anareo, ary toy izany no vavaka nataony mandra-pialany teto an-tany.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Mitantara ny ampahany amin'ny fomba fanaovana soalat an'ny Mpaminany (S.A.W) i Abo Horaira (R.A), ary nilaza izy fa rehefa mitsangana hivavaka ny Mpaminany dia miteny hoe : “Allaho Akbar” izany dia famehezana ny vavaka, avy eo dia miteny hoe “Allaho Akbar” izy rehefa nihondrika, rehefa niankohoka, rehefa nanandratra ny lohany avy niankohoka, ary rehefa nanao ny fiankohofana faharoa. Avy amin'ny raka'at roa voalohany taorian'ny nipetrahany tamin'ny tashahhod voalohany tamin'ny soalat telo na efatra raka'at, dia toy izany foana no ataony rehefa mivavaka mandra-pivitany, avy eo izy dia miteny hoe : "Samiallaho Liman hamidah" - rehefa mitraka avy tamin'ny roko''", dia hoy izy teo am-pitsanganana : "Rabbanà Walakal-Hamdo - Tomponay, isaorana anie Ianao". Dia hoy I Abo Horaïra rehefa vita ny soalat nataony : Mianiana aho amin'ilay mitazona ny fanahiko eo am-pelatànany, ny soalat nataoko no mitovy indrindra amin'ny soalat izay nataon'ny irak'Allah , raha izany no fomba fivavahana nataony mandra-pialany teto an-tany.

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY

لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC
E-Da'wah Committee